

FANAMBARANA

NY FIVONDRONAN'NY FIKAMBANAN' NY FIRAISAMONIM-PIRENENA MANOHANA NY FAMPIHARANA ANTSAKANY SY ANDAVANY NY FIFANARAHAN'NY MAPUTO I SY II ARY ADDIS-ABEBA (ALLIANCE DES ORGANISATIONS DE LA SOCIETE CIVILE ADHERANT AUX ACCORDS DE MAPUTO I et II ET D'ADDIS ABEBA),

Dia manao izao FANAMBARANA manaraka izao momba ny **Fifidianana** izay kasaina hatao ny 20 martsa 2010 sy ny **Atrikasa** fanomanana izany izay hataon'ny *Fahafana Avon'ny Tetezamita* ny 6-7 janoary 2010.

Noho ny :

- Foto-kevitra voizin'ny Alliance hatramin'izay : **vahaolana iombonana sy eken'ny rehetra ary am-pilaminana**, izay hany lalan-tokana hivoahan'ny firenena amin'ny krizy mahatsiravina iainany sady ahafahany mampijoro fiaraha-monina sy repoblika manaja ny soatoavina demokratika
- Fifanarahana hany azo hatramin'izay niarahan'ny ankolafin-kery efatra nanaiky sy nanao sonia teo imason'izao tontolo izao amin'ny anaran'ny vahoaka malagasy rehetra eran'ny Nosy
- Dina mametraka ny soatoavina (Charte des valeurs) tokony harahina sy hajaina ary tanterahina amin'ny ankapobeny sy amin'ny antsipiriany
- Dingana efa vita mizotra mankany amin'ny vahaolana nifanarahana
- Fahapotehan'ny toekarena miteraka ny korontana ara-tsosialy, fahaverezan'ny soatoavina, tsy fisian'ny fandriapahalemana sy ny filaminana eo amin'ny firenena iray manontolo, isan'ambaratonga sy isan-tsehatra

Dia hita miharihary fa manalavitra ny fahitana vahaolana iombonana hivoahana amin'ny krizy:

- Ny fialana tanteraka amin'ny fifanarahana nosoniavina tany Maputo sy ny fikasana hanao fifidianana amin'ny 20 martsa 2010
- Torak'izany koa ny atrikasa kasaina hatao ny 6-7 janoary 2010 izay fitaovana entina hanatanterahana izany fifidianana izany

Ny fiantsoana ireo fikambanan'ny firaisamonim-pirenena isan-tokony amin'io atrikasa io dia fomba ankolaka entina hanamafy orina ny fitondrana azo ivelan'ny fanajana ny lalam-panorenana sy ny politika rehetra ampiharina ho amin'izany

Marihana fa :

- Ny Fifidianana sy ny Atrikasa hivoahana amin'ny krizy dia ekena fa mitaky :
 - Mpikarakara tsy mitongilana, tsy miankina ary tsy miandany na amin'iza na amin'iza
 - Fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena rehetra hatrany ifotony, ka hatraty amin'ny sehatra fara-tampony
 - Valiny eken'ny rehetra ka mitondra ny firenena am-pilaminana any amin'ny repoblika faha-efatra

Manambara fa :

- Ny fanaovana fifidianana eto Madagasikara toy izay kasaina hatao amin'ny 20 martsa 2010 ka tsy manaraka ireo foto-kevitra manaja ny fiarahan'ny rehetra dia tsy mitondra filaminana sy fandriapahalemana ary vokatsoa ho an'ny Malagasy. Vao mainka koa aza hiteraka korontana sy fifandonana ary krizy hafa indray eto amin'ny firenena izany.

Noho izany, dia manao **ANTSO AVO** amin'ny :

- Olom-pirenena sy ny firaisamonim-pirenena rehetra tsy hanaiky atao fitaovana hanamafisana orina ny fihetsika sy ny fanapahan-kevitra mandeha samy irery
- Rehetra hanambatra hery amin'ny fitadiavana vahaolana iombonana ao anatin'ny fotoana fohy.

Natao teto Antananarivo, faha-05 janoary 2010

Malagasy MPAndala ny Fihavanana (MAMPAFI)

ACCES ZON'OLOM-BELONA

FMM

Firaisan'ny Sendikan'ny Mpiasan'i Madagasikara (FISEMA)

PFNOSCM/VOIFIRAISANA

TRANOBEN'NY TANTSAHA DIANA

Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile/VOIFIRAISANA SOFIA

Collectif des Citoyens et Organisations Citoyennes (CCOC)

Club Développement et Ethique (CDE)

MAMIMAD

(Traduction libre)

COMMUNIQUE

L'ALLIANCE DES ORGANISATIONS DE LA SOCIÉTÉ CIVILE ADHERANT AUX ACCORDS DE MAPUTO I et II ET D'ADDIS ABEBA,

fait la déclaration suivante concernant les élections prévues pour mars 2010 et l'Atelier préparatoire organisé par la HAT les 6 et 7 janvier 2010

Considérant

- les principes de l'Alliance : **solution concertée, consensuelle et pacifique**, seule solution de sortie du pays de la crise atroce qu'elle traverse et garantie de la construction d'une société et d'une république respectant les valeurs démocratiques,
- les seuls accords obtenus de la part des 4 mouvances qui ont accepté et signé devant le monde entier au nom de toutes les populations de l'île,
- ces accords qui ont mis en place une Charte des valeurs que l'on doit appliquer et respecter d'une manière générale et dans le détail,
- ces étapes déjà franchies vers une solution commune
- la destruction de l'économie engendrant des désordres sociaux, une dégradation des valeurs, une absence de sécurité et de paix sur l'ensemble du territoire, à tous les niveaux et dans tous les secteurs,

Constate de manière évidente que

- l'abandon des accords signés à Maputo et le projet d'élections au 20 mars 2010
- ainsi que l'Atelier prévu les 6 et 7 janvier 2010 organisé pour mettre au point la réalisation de ces élections éloignent d'une solution de sortie de crise consensuelle.

L'invitation des diverses organisations de la société civile à cet Atelier est un moyen détourné pour renforcer les assises du pouvoir obtenu par des moyens ne respectant pas la Constitution et pour renforcer toute la politique appliquée dans ce cadre.

Note que :

- Des élections et un Atelier pour sortir de la crise nécessitent :
 - Des organisateurs impartiaux, indépendants et non partisans
 - La participation de tous les citoyens depuis la base jusqu'aux instances supérieures
 - Des résultats acceptés par tous comme amenant le pays de manière pacifique vers la 4^e république.

Déclare que :

- La réalisation d'élections à Madagascar telles que celles prévues pour le 20 mars 2010 qui ne respectent pas les principes de participation de tous (? : traduction littérale), n'apporteront ni l'ordre ni la paix ni des bienfaits pour les Malgaches. Elles provoqueront au contraire de nouveaux désordres, affrontements et autre crise dans le pays.

Par conséquent, l'Alliance des OSC lance un APPEL :

- A tous les citoyens et organisations de la société civile pour qu'ils n'acceptent pas d'être les instruments du renforcement des actions et décisions unilatérales
- A unir leurs forces pour la recherche d'une solution consensuelle (? ou commune) dans le court terme.

Fait à Antananarivo le 5 janvier 2010

Malagasy MPAndala ny Fihavanana (MAMPAFI) Malgaches qui apprécient le Fihavanana (concorde, consensus ?)
ACCES ZON'OLOM-BELONA (ACCES Droits Humains)

FMM (?)

Firaisan'ny Sendikan'ny Mpiasan'i Madagasikara (FISEMA) Confédération générale des syndicats de travailleurs de Madagascar
PFNOSCM/VOIFIRAIANA (Plateforme Nationale des Organisations de la Société Civile de Madagascar)

TRANOBEN'NY TANTSAHA DIANA

MAISON DES PAYSANS de la région DIANA (Fédération d'asso)

Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile/VOIFIRAIANA SOFIA

Plateforme Régionale des Organisations de la Société Civile de la région SOFIA

Collectif des Citoyens et Organisations Citoyennes (CCOC)

Club Développement et Ethique (CDE)

MAMIMAD (?)